REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# TATITRY NY FILANKEVITRY NY MINISITRA NATAO TAMIN'NY ALALAN'NY « VISIOCONFERENCE » NY 28 APRILY 2021

**NATAO TAMIN'NY ALALAN'NY VISIO CONFERENCE NY FILANKEVITRY NY MINISITRA ANDROANY NOTARIHIN'NY FILOHAM-PIRENENA ANDRY RAJOELINA ARY NAHITANA NY PRAIMINISITRA SY IREO MINISITRA ISAN-TOKONY :**

## I- FAMPAHAFANTARANA :

### NOHAMAFISINA IREO FEPETRA HIADIANA AMIN'NY VALANARETINA COVID-19

Noraisina nandritra ny Filankevitry ny Minisitra ireto fepetra ireto hiadiana amin'ny fihanaky ny valanaretina COVID-19:

- Ho avy tsy ho ela amin'ny fiandohan'ny volana may eto amintsika ny vakisiny azontsika avy amin'ny fandaharanasa «Initiative covax». Ireo siantifika manam-pahaizana Malagasy miaraka amin'ny ministeran'ny fahasalamana no handrindra ny fanatanterahana izany miaraka amin'ny mpiara-miombon'antoka. Ny fanjakana irery ihany no afaka manafatra vakisiny saingy azo tanterahana kosa ny fiaraha-miasa amin'ny sehatra tsy miankina. Raràna ny fivarotana vakisiny ho an'ireo mpandraharaha tsy miankina. Ireo mpandraharaha sy vondrona mpandraharaha te hanao vakisiny ireo mpiasa ao aminy dia tsy maintsy manaraka ny rindran-damina iarahana amin'ny fanjakana Malagasy. Ireo masoivoho vahiny te hanao ny vakisiny kosa ho an'ireo mpiasa ao aminy dia omena fahazoan-dalana ary miantoka tanteraka ny fanarahana ny fahasalaman'ireo olona ao aminy heverin'izy ireo atao vakisiny.

- Mba hiarovana ny Malagasy amin'ny mety ho fahatafidiran'ireo « variants COVID-19» hafa eto Madagasikara, ireo mpandeha rehetra avy tamin'ny sidina laharana AF934 nahazo alalana avy any Frantsa dia tsy maintsy manao fihibohana mandritra ny 14 andro nanomboka tamin'ny fotoana nidirany teto Madagasikara, ao amin'ny toerana izay neken'ny fitondram-panjakana hijanonan'izy ireo. Arahana akaiky ny fahasalaman'izy ireo ary tsy maintsy manao fitiliana amin'ny fifaranan'ny fihibohana vao mihazo ny tokantranony avy ireo aorian'izany. Nohamafisina ny tsy fandraisana mpandeha avy any ivelany intsony miditra eto amintsika araka ny fanapahana efa noraisina.

- Noho ny hamehana ara-pahasalamana ihany dia nahemotra ho amin'ny fotoana manaraka izay mbola tsy voafetra ireo fifaninanana ara-panatanjahantena iraisam-pirenena tokony ho tontosaina eto Madagasikara ary handraisan'ireo atletantsika anjara.

- Notapahan'ny Filankevitry ny Minisitra androany ihany koa ny fanomezan-dalana amin'ny fandraisan'ny fanjakana an-tanana ny tataonketra amin'ireo fitaovana fanaovana fitiliana izay fanomezana voaraintsika.

## II- FANDANIANA DIDIM-PANJAKANA SY VOLAVOLAN-DALANA :

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny fanajariana ny tany sy ny asa vaventy**

Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny fandraisana ny didim-panjakana milaza ny filan'ny fanjakana ny toerana araka ny « Plan d'Urbanisme Directeur » natokana ho an'ny Tanànan'i Sambava ka ny Kaominina ambonivohitra Sambava sy ny manodidina no hametrahana izany voalohany.

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny fambolena, ny fiompiana ary ny Jono :**

Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny fandraisana ny didim-panjakana manova ny rafim-pitantanana ao amin'ny « OFMATA ».

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Harena an-kibon'ny tany sy ny loharanon-karena stratejika :**

Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny fandraisana ny didim-panjakana manafoana ny « Institut de Gemmologie de Madagascar (IGM) sy ny drafim-pandaminana izay hoentina manatanteraka izany.

## III- FANENDRENA

Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny didim-panjakana manendry ireto olom-panjakana ambony manaraka ireto

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Fitsarana :**

- **Atoa M. RAKOTONAVALONA Ranary Robertson**, voatendry ho Président de la Cour de Cassation de la Cour Suprême.
- **Ratoa RALAIVELO Marie Noëline**, voatendry ho « Procureur Général auprès de la Cour de Cassation de la Cour Suprême.

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Fanabeazam-pirenena :**

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Fanabeazam-pirenena :**

- **Atoa ANJARAMANDRESY Elia Lala André**, dia voatendry ho Tale misahana ny Unité d'Evaluation des Acquis Scolaires.
- **Atoa JEREMIA Angelié**, dia voatendry ho Chef de l'Unité de Suivi des Organismes Rattachés
- **Ratoa RATSIMBA RAJAONARY Nirina Lalaina**, dia voatendry ho Chef de l'Unité de Coordination Générale des Projets».

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Harena an-kibon'ny tany sy ny loharanon-karena stratejika :**

- **Atoa RANOROHARISOA Tiavina Omega**, dia voatendry ho Tale Jeneraly ad intérim ao amin'ny ANOR na ny Agence Nationale de la Filière Or.

**Natao androany faha 28 aprily 2021**
**Ny sampan-draharahan'ny serasera sy ny fifandraisana**
**eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika**